



Gazety mivoaka isan'andro
Inona no Vaovao
« Izay mahara-baovao, tia fandrosoana »
Alatsinainy 24 oktobra 2016 / N°- 2206 / 200 Ariary
Manomboka ny antsojay 2
Novonoin' ny Polisy ny mpanao gazetin' ny Free News
Votre quotidien, votre liberté

La vie au quotidien devient de plus en plus difficile à vivre en malgachophonie pour les autochtones. Les délestages sans rime ni raison font des ravages proches du sabotage économique en règle ( ici l'article de Rfi ), chaque jour que Dieu fait depuis environ un mois; les rangées de bidons jaunes, aux points d'eau « *publics* » devenus payants, s'entassent dans l'attente d'un débit de pisse de chat mais aucun citoyen ne se lève, se contentant d'un fatalisme béat alors que c'est leur vie terrestre déjà passagère qui s'effiloche en attendant une mort de pauvres dont les ossements seront volés pour enrichir des inconscients
qui mourront et seront volés à leur tour. Une spirale diabolique s'installe au pays...

**Politika** Alatsinainy 24 oktobra 2016 Inona no Vaov

### Manomboka ny antsojay

# Novonoin ' ny Polisy ny mpanao gazetin ' ny Free Nev

Fampitahorana sa volo hala ? Miverina indray ny fanaovana herisetra tsy ahoan - tsy ahoana amin' ny mpanao gazety. Nodarohana andiana Polisy teny Antanimena, ny marainan' ny sabotsy teo ny mpiasan' ny gazety Free News, Tsirava Rabarijaona. Tsy fantatra mazava na avy amin' ny *« Uir »* na *« Sag »* izy ireo fa nifamahofaho ny famaritan' ireo nanatri - maso. Araka ny fampitam - baovaon' ny fitantanana ao amin' ny Free News, nodarohan' ireo Polisy ary tsy navelany raha tsy efa tsy nahatsiaro tena i Tsirava.

Niaraka tamin' ny namany teny Antanimena teny ny tenany ny sabotsy mangiran - dratsy. Nandeha nivoaka izy ary somary nahakaiky fiara nijanona. Niantso Polisy tampoka ireo olona tao anaty fiara. Tsy nisy fanazavana sy fenitra fa tonga dia nobataina tao anaty fiara i Tsirava sady nodarohana tsy nisy resaka. Tamin' io no afaka nilaza kely ny maha mpiasa an - gazety azy ny tenany. Ny nandrenesan' ireo Polisy izany no vao mainka nilakoany azy fa hoe mpanakiana Fitondrana ka atao amin' ny fanaovana azy.

Nisesy ny daroka ary nohitsahina hatramin' ny lohany mandra - pahatonga azy ho tsy nahatsiaro tena. Naverin' ireo Polisy sady natsipiny teny akaikin' ny tobin - tsolika Antanimena izy rehefa tsy nahatsiaro tena. Ireo mpiambina ny tobin - tsolika no namonjy sy namelombelona azy mandra - pitondrana azy tany amin' ny hopitaly.

## Fampihorohoroana ?

Mbola nitaraina marary amin' ny faritra rehetra i Tsirava nandritra ny fampitam - baovao. Mbola hisy ny fitarafana azy any amin' ny lohany izay rapa hatrany amin' ny vatany, araka ny fampitam - baovaon' ny Free News ihany. Na izany aza, tadidin' ity mpiasa an - gazety ity ny endrik' ireo Polisy nanao herisetra taminy, talohan' ny tsy nahatsiarovany tena. Nilaza ny hiara - hiasa hikaroka ireo Polisy nihoa - pefy ireo ny *« Uir »*, raha vao afaka amin' ny fanaintainany i Tsirava, araka ny fampitam - baovao hatrany.

Tsiahivina fa lasa fomba fanaon' ny mpitandro filaminana sasany indray izao ity manao herisetra tsy amin' antony ity, indrindra raha voakitikitika ny fihoaram - pefy sasany ataon' izy ireny. Anisan' izany ny fakana kolikoly eny rehetra eny sy izay mety ho fandikan - dalàna hafa. Tafiditra ao avokoa na Polisy na Zandary. Fahita izany rehefa manao fisavana na fanamarinana taratasina môtô na fiara izy ireo, indrindra raha mpanao gazety no anaovana izany isan - kariva.

Famerimberin' ireny mpitandro filaminana sasany ireny ny hoe, *« itony ilay mpanohitra Fitondrana ka ataovy amin' ny fanaovana azy »*. Tsy misaraka amin' izany ny ompa sy teny ratsy. Mahazo baiko avy any Ambohitsorohitra ve izy ireny sa nahim - pony fotsiny izao ? Tsiahivina fa tsy afaka maneho hevitra na fironana manokana ny mpitandro filaminana raha eo am - panatan - terahana ny asany.



## Tsy manana ny rariny

Tsy misy lalàna manome baiko ny mpitandro filaminana hanao herisetra na inona antony amin' ny toe - draharaha toy izao, indrindra raha fisavana sy fandraisan' andraikitra. Mpitandro filaminana sy miaro ny olona sy ny fananany no nanaovan' izy ireo fianianana teo ambany faneva fa tsy hanao herisetra noho ny mety ho fironana na hevitra tsy mitovy. Izay mifanohitra amin' izay, manala ny fanamiany ary miverina ho sivily mitovy amin' ny valalabemandry. Antony mahavery hasina ny fitandroana filaminana e[...] ny fanaovana ny mifan[...] izany.

Mahatsiaro tena ho [...] tebiteby ny asan - gaze[...] News manoloana izao [...] fampihorohoroana nat[...] polisy izao. Mpanao [...] tratran' izao, mainka fa[...] tsy afaka miteny na n[...] Takina, noho izany, ny [...] famaizana hentitra i[...] Polisy nihoa - pefy ireo. [...] famotorana nilaina na[...] tsy eny an - dalambe fa[...] birao na Paositry n[...] fanaovana izany, araka [...] atrehin' ny Mpisolova[...] ny asan' ny fitandroan[...] manerana ny Nosy ny[...] izao. Nitsidika an' i Tsira[...] tranony ny ekipan' n[...] Holafitry ny mpanao[...] Madagasikara, omaly.

[illegible]